FINOANA KATOLIKA

# Fantaro ny Eveka vaovaon'i Mahajanga, Mgr Zygmunt Robaszkiewicz

Mgr Zygmunt Robaszkiewicz, no Eveka vaovaon'ny Diosezin'i Mahajanga, ho an'ny Eglizy katolika Apostolika Romana (EKAR). Notanterahina ny alahady teo, teo anoloan'ny Katedraly Mahajanga, ny Sorona Masina fametrahana azy amin'ny toerany, amin'ny maha-Evekan'ny Diosezin'i Mahajanga azy. Izy no Eveka tompon-toerana faha-6 ho an'ny Diosezin'i Mahajanga hatramin'izay 125 taona nijoroany izay. Eveka nitantana ny Diosezin'i Morombe tany amin'ny faritra Atsimo Andrefana i Mgr Zygmunt Robaszkiewicz, talohan'ny nanendren'ny Papa François azy ho Evekan'ny Diosezin'i Mahajanga. Teraka tao Nietuszkowo, tany Pologne izy, ny 16 oktobra 1958. Ny 15 aogositra 1979 izy no niditra tao amin'ny fikambanana Missionnaires de la Sainte Famille. Nanonona ny voady voalohany ny 8 septambra 1980 ary nanolotena mandrakizay ho an'Andriamanitra tao amin'io Fikambanana io ny 8 septambra 1983.



*Ny fametrahana amin'ny toerany ny Eveka vaovaon'ny Diosezin'i Mahajanga ny alahady teo.*

Ny taona 1980 ka hatramin'ny 1985, nanohy ny fiofanana tao amin'ny Scolasticat sy ny Seminera Zokiny an'ny Fikambanana Missionnaires de la Sainte Famille, tao Kazimierz Biskupi, Pologne izy, ary nandalina ny filozofia sy ny teolojia tao amin'ny Institut Pontifical de Théologie tao Poznań, ka nahazo ny mari-pahaizana Licence sy Master momba ny Lalàn'ny Fiangonana.

Ny 11 jona 1986 izy no nohamasinina ho pretra, ary voatendry ho Evekan'ny Diosezin'i Morombe ny 23 aprily 2001, ary nohamasinina ho Eveka ny 2 septambra 2001. Notendren'ny Papa François ho Evekan'i Mahajanga ny 19 novambra 2022 amin'ny fanohizana ny Asa Masina sy sarotra ankinin'Andriamanitra sy ny Fiangonana aminy.

Nanome voninahitra ny fametrahana azy amin'ny maha Eveka tompon-toerana azy, any amin'ny renivohitry ny faritra Boeny izao, ny fiombonamben' ny Eveka eto Madagasikara.

**Stefa**

Union des Journaliste Sportifs de Madagasikara

# Nahavita ny AG sy ny fifampiarahabana tratry ny taona 2023



*Mpitarika Ujsm 2023.*

Nahavita ny AG : "Fivoriambe" sy ny fifampiarahabana nahatratra ny taona 2023, tetsy amin'ny Ans Ampefiloha, tamin'ny sabotsy 11 febroary 2023 lasa teo, ny fikambanana "Union des Journaliste Sportifs de Madagasikara (UJSM)". Nitarika an'izany ny filoha amperinasan'ity fikambanana ity, Serge Rasanda, sy ireo mpikambana rehetra ao amin'ny birao tarihany. Ankoatra ny fanaovana tatitra samihafa ny zava-bita tamin'ny taona 2022, sy ny fandinihana ny zava-kinasa amin'ity taona 2023 hitsahana ity dia nangotraka tokoa ny fiarahana nikorana sy ny fampizarana ny nofon-kena mitam-pihavanana tamin'io andro io. Fanirian'ny mpikambana rehetra ny hanomezan-danja ny karatra maha-mpikambana UJSM eo anoloan'ny hetsika karakarain'ireo Federasiôna isanisany misy eto amintsika ankehitriny.

**Rainilita**

Natation Championnat d'Analamanga jeunes

# Namaritana izay handray anjara amin'ny Meeting d'Analamanga

Tontosa teny amin'ny dobo filomanosan'ny ANS Ampefiloha tamin'ny faran'ny herinandro teo ny fifaninanana lomano «Championnat d'Analamanga jeunes 2023 », izay hamaritana an'ireo mpilomano nahazo ny "minima", ka afaka handray anjara amin'ny fifaninanana "Meeting d'Analamanga" hatao amin'ny 4 sy 5 martsa 2023 ho avy izao, etsy amin'ny dobo filomanosan'ny Esca Antanimena, ka handraisan' ireo mpilomano avy any Boeny sy Atsinanana ary Vakinankaratra sy Atsimo Atsinanana anjara. Tamin'ny ankapobeny aloha dia fantatra fa nanjakan'ny mpilomanon'ny ekipan'ny St Michel sy ny ekipan'ny Esca ity fifaninanana natokana hoan'ny sokajy latsaky ny 13 taona ity, narahan'ny ekipan'ny Managing nitana ny laharana fahatelo. Mpilomano nahatratra 225 isa avy amin'ny klioba miisa 15 eto Analamanga sy ny klioban'ny Cnce Atsinanana sy Ami Vakinankaratra, no nandray anjara tamin'ny fifaninanana.



*Lomano teny amin'ny Ans Ampefiloha.*

**Rainilita**

Fitaterana

# Fampandriana adrisan-dry be fika ny teleferika

Manodidina ny asa fitateram-bahoaka eto an-drenivohitra dia tsy vitsy ireo olona izay nanontaniana momba izany fitaterana izany, no nilaza fa toa fampandriana adrisa fotsiny ihany ny filazana tamin'ny taon-dasa fa fiara fitaterana miisa 1000 no nafarana mialohan'ny faran'ny taona 2022 lasa teo, nefa toa resaka be fotsiny ihany hoy ny maro. Ny teleferika koa dia toa fampandriana adrisa ataon-dry be fika. Mendrika na sahaza ny làlana eto an-drenivohitra ve ireo fiara nafarana hoy ny mpandeha? hanao ahoana ireo fiara raha oharina na ampitahaina amin'ireo làlana eny amin'ny faritra iva, ny eny Manjakaray, 67ha, ny mankeny Itaosy, sns?... Gaga ihany koa anefa ireo mpandeha fiara fitaterana sendra ny gazety, naheno fa tsy sahaza ireo fiara ny lasantsy sy gazoala ampiasaina amin'izany, ny ministry ny fitaterana no nilaza izany tamin'ny faran'ny herinandro teo iny. Hita sy tsapa anefa fa vao niantsoantso izany Rajoelina ny taon-dasa teo, dia efa karazana takon'henatra sy tampimaso, fanomezan-toky ny besinimaro, mba hanohana azy sy ny ekipany amin'izao taom-pifidianana 2023 izao ihany ireny.

Tsorina fa raha kendrena hanomezana fahafaham-po ny mpandeha eto an-drenivohitra sy ireo renivohi-paritany hafa ny sasantsasany amin'ireo fiara, dia tsy tokony ho ny fitaterana teleferika mihitsy no antsointsoina sy atao maika, fa manimba ny asa fitateran'ireo koperativa maro misahana izany sy ny taksy ary ny taksy moto miandraikitra izany asa izany. Na izany na tsy izany aloha, mbola azo lazaina ho Ambatobevohoka ihany koa ity resaka teleferika ity.

**Beharo**

Mpanakanto « Sendie »

# Miroso ho amin'ny sehatra maha matihanina

« Efa toy ny rà mikoriana ato anatiko ny mozika », hoy i Hanitra Sendia Marie, mitondra ny solon'anarana hoe : « Sendie » ao ankianjaben'ny hira sy ny mozika. Mpanakanto miezaka hatrany ny hiditra miandalana anatin'ny sehatra maha matihanina. Azo ambara ho tsy atoro voanjo hadiana intsony amin'ny fikirakirana ny mozika i « Sendie ». Nomarihany fa ny Dadabeny no efa niangaly sy nankafy ary nisakaiza akaiky tamin'ny mozika nandritra ny andro rehetra niainany.

Milalao gadona maroloko i « Sendie ». Singanina amin'izany ny Sega, salegy, reggae, zouk love, slow sns... Tanjona ho azy rahateo ny hizara fialam-boly sy endrim-panabeazana amin'ny alalan'ny tononkira ho an'ny sokajin'olona tsy ankanavaka miaina ambany masoandro. Tsy manonofy i « Sendie » rehefa mamorona ireo tononkirany, fa miainga avy amin'ireo trangam-piaraha-monina andavanandro. Ny fivazoana sy fanasongadinana ireo « Soatoavina malagasy » toy ny « Fihavanana », ny « Firaisankina » izay tokony hiverenana iainana sy hampanjakana ankehitriny indray, mba hirindran'ny fiarahamonina no vontoatin'ny tononkiran'i « Sendie » amin'ny ankapobeny. Ampahany amin'ireo sanganasa efa vita rindran-tsary ny « Hetsiketsika » izay efa be mpankafy tokoa. Tsy mitsahatra ny mandalina ny teknika fototra takian'ny fanaovana mozika i « Sendie ». Anisan'ireny ny famolahana ny feo. Miroso miandalana hiazo ny sehatra maha matihanina, araka izany, ity mpanakanto sady mpanao fanatanjahatena ity. Vinanasa atrehin'izy 09 miananadahy mandrafitra ny tarika ankehitriny, ny fiketrehana ny kapila mangirana laharana voalohany. Malalaka amin'ny fiaraha-miasa amin'ireo mpanakanto sy mpikarakara hetsika arakolontsaina i Hanitra Sendia Marie, ho fanabeazam-boho ny hira sy ny mozika malagasy.

**Lalasoa Razafindrakoto**



*Sendie, miroso amin'ny sehatra maha matihanina.*